# Ho avy tsy ho ela aho Augusto.

## Ho avy tsy ho ela aho ka mivonona.

Hafatra avy amin'ny Tompo ho an'ny mpitandrina sy ny eveka ary ny kristiana rehetra.

Voarain'I Docteur Augusto Maquengo tamin'ny 6 mai 2011.

http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY

Namangy ahy ny tompo tamin'io indray maraina io raha vantany vao tonga tao amin'ny birao aho. Tsapako ny fisiany teo akaikiko, nisy Tanana nipetraka teo an-tsoroko, nandre hafanana be aho tao anatiko.

Reko ny feon'ny Tompo nilaza hoe: "***soraty izao ka ampitao***".

**Izao no ambaran'ny tompo avo indrindra amin'ireo mpitandrina, evanjelisitra, eveka ary mpanompon'Andriamanitra hafa**: "Hitelina anareo ny fahatezerako ka tsy ho raisina ianareo amin'ny andro fampakarana satria nahafoy ny lalako ianareo ka nanao ireo ondriko (ireo kristiana) ho toy ny fanananareo manokana no sady loharanon-karena. Noho izany, izaho Tompo tsy handray ireo mpitandrina, evanjelisitra sy mpanompo hafa izay nanambady fandrosoana fa tsy mitory ny fibebahana, ny fanoloran-tena, ny fiaviako tsy ho ela, ary ny fampakarana". Hadinon'ireo mpitandrina ireo ny Andriamaniny ka manome voninahitra ny tenany amin'ny fahefana nomeko, ***izaho Andriamanitra,*** azy izy ireo raha tokony hanome ny voninahitra rehetra ahy.

Jeremia 5:31.Ny mpaminany maminany lainga, Ny mpisorona, mitondra arak'izay sitrak'ireo mpaminany ireo; ary ny vahoakako mankasitraka izany! Ka inona no hataonareo hiafaran'izany rehetra izany! (nadika tamin'ny baiboly katôlika).

***Ny trano fiangonana izay lazaina fa tranoko lasa toerana fialam-boly noforonin'ireo mpitandrina sy eveka ary diakon'ny fiangonana. Mihinana sy misotro ary mifety ao an-tranoko izy ireo, Tsy matahotra na mihorohoro no sady tsy manaja ahy. Oh,nandao ny fiangonany ny hosotro ary efa ela no tsy tao amin'ny tempoliny ny tenako. Tsy hampakariko izy ireo raha tsy mibebaka an-dranomaso mikiakiaka fatratra amiko Andriamaniny.***

***Voafitak'izao tontolo izao ny mpanompoko ary amin'izao fotoana izao dia mandrafitra ny fomba hampidirana lalina ny fijerin'izao tontolo izao ao am-piangonana izy ireo.***

***Ankalazain'izy ireo ao am-piangonana ny andron'ny mpifankatia, ny andro iraisam-pirenen'ny mpandainga.*** Hoy izy ireo***: "Andro fisaonana androany satria andron'ny fandevenana ka manaova fitafiana mainty avokoa isika rehetra". Voafitaka daholo izy rehetra. Maminany ireo mpitandrina sy eveka ary evanjelisitra ka milaza fa izao fotoana izao dia taona zina, taonan'ny fanafahana ary taon'ny fandrosoana, nefa raha any marina dia ny fijaliana amam-pahoriana mafy ary ny faharavàna no efa tonga eto ambonin'ny tany. Tsy mihaino ahy intsony ireo mpanompoko. Miala***

***amin'ny lalakoizy ireo ka miara-mamita-tena amin'izao tontolo izao. Tsy mitady ahy amin'ny alalan'ny fivavahana, ny fifadian-kanina ary ny fandinihana lalina ny teniko intsony izy ireo. Mangataka amiko fanomezam-pahasoavana hanasitrana, hanao fahagagana ary haminany ho tombontsoan'izy ireo no antony ivavahany sy ifadiany hanina. Sahin'izy ireo mihitsy aza ny miteny hoe: "Hanomana toriteny aho,  tokony hanomana fivoriana koa nefa lany amin'ny fikarakarana ireto mpino ireto ny fotoanako, tsy maintsy mikarakara ireo mpino aho". Tsy manana fotoana ho ahy Mpiandry ondry izy ireo, noho izany. Tsy ho anisan'ireo hampakarina ireny mpitandrina ireny,*** hoy ny tompo.

***Koa raha matahotra ahy ianareo dia triaro ny fitafianareo, avy eo triaro ny fo sy ny sainareo ka mibebaha an-dranomaso.Mila fibebahan'ny fiangonana manerana ny firenena, fitomaniana sy gogogogom-panenenana  aho.***

***Fenoy vovoka ny tenanareo ary aoka ho torotoro fo amin'ny fibebahana fa raha tsy izany tsy hiaraka amiko any an-danitra.***

***Ireo ondriko mihinana sakafo lo voapoizin'ny hafatra mitory firoboroboana torian'ireo mpitandrina, fa izy ireo kosa eo anatrehan'izany mandany ron-doha sy vola amin'ny drafitra fanamboarana fiangonana vaovao amin'ny ho avy nefa tsy fantany fa tsy ho tanteraka izany noho ny faharavana sy ny loza hitranga tampoka. Tsy hisy dikany intsony izany vinavinam-panamboarana trano izany rehefa azoko miaraka amiko avokoa ireo mpanara-dia ahy rehetra tety an-tany.***

***Asa foana izany rehetra izany satria tsy hitondra voka-tsoa na inona na inona.***

***Miasà mafy  kosa amin'ny fitoriana ny tena marina sy ny tenin'ny fiainana tsy nasiam-panovàna. Torio ny fandrosoana sy firoboroboana ara-panahy amin'ny alalan'ny fibebahana sy fiainana mandrakizay".*** Hoy ny tompo***: "tiako ireo olona mpanara-dia ahy izay tsy mitsahatra mitady ahy isan'andro sy matahotra ny anarako masina.***

***Vita, tapitra ny fotoana, tonga ny ora handraisako ireo tia ahy ho any amiko. Aoriana kelin'izay dia hisy loza amam-pahoriana mafy tsy mbola nisy toy izany hatrizay teto an-tany fanimbana amim-pomba mahatsiravina fiainan'olona maro. Rehefa I satana fahavaloko no hitantana : tsy hisy fibebahana ho azo atao intsony, tsy hisy fotoana hitadiavana ahy intsony satria tsy hamaly vavaka intsony aho. Hesorina ny fahasoavana, ary tsy ho ety an-tany intsony ny fanahiko masina.***

***Ny fahavalo no hifehy ka hikotro-nify sy higogogogo mafy ao am-po ianareo. Hampahoriana mafy ianareo ka ho torotoro.***

***Aoka ho torotoro fo dieny izao ianareo ka hikoriana ram-pibebahana ny fonareo. Aoka ho triatriatry ny fibebahana ny fonareo amin'izao segondra farany izao, raha tsy izany dia hirehitra aminareo ny fahatezerana mahatsiravina.***

***Fa ireo olona ireo dia manana fo mpioko sy mpikomy, nikomy izy ka lasa***, Jeremia 5:24-28 (dikan-teny katôlika).Fa tsy mba manao anakam-po hoe: Aoka isika hatahotra an'I Iaveh Andriamanintsika, izay mandatsaka ny ranonorana, dia ny loha-orana sy ny fara-orana, amin'ny fotoany avy, sady mitandrina ho antsika ireo herinandro voatendry ho fararano. Ny helokareo no nanakorontana izany filaminana izany; ny fahotanareo no nanala izany filaminana izany; fa misy ratsy fanahy amin'ny

vahoakako; mamitsaka toy ny mpamandri-borona mijoko izy, mamela-pandrika izy, ka mahazo olona. Toy ny tranom-borona feno vorona, no mahafeno fitaka ny tranony. Amin'izany izy, tonga lehibe sy manankarena; mihamatavy mandimandina izy ireo. Mihoa-pampana amin'ny fanaovan-dratsy izy; tsy manao fitsarana marina, fitsarana marina ho an'ny kamboty … nefa ambinina ihany! Tsy manome hitsiny ny mahantra".

***Tsy horaisina ianareo, raha tsy hoe miova angaha ka mibebaka.***

***Tsy hampakariko  ireo olona manambady fahitalavitra, variana amin'ny raki-tsary sy ny fialamboly samihafa ka tsy manokana fotoana ho ahy Andriamanitrareo sy ny teniko.***

***Tsy hampakariko ireo olona tsy mahafantatra ahy raha tsy alahady  hampitoniana ny hatezerako. Izy ireo izay mihevitra fa tsy mahita sy tsy mahalala izany izaho Andriamaniny. Mankany ampiangonana izy ireo haneho ny fitafiana tsara ananany sy hiresaka amin'ny namany fotsiny. Lasa trano fifandraisana amin'ny mpiara-monina ny tranoko.***

***Izaho, Jesosy Kristy tomponareo, tsy hampakatra ireo olona mandany ora maro dia maro eo anoloan'ny fahita lavitra na boky tantara, na zavatra hafa koa, satria lasa ireny no fakanareo torohevitra, ny boky tantara sy ny fampianarana ara-tsiantifika raha tokony ho ny fanahy masina no ho namana akaiky anareo indrindra.***

***Ireo mpino minamana amin'ny fahitalavitra sy ny ideolojia siantifikan-demony fa tsy amin'ny teniko dia havela hifanatrika amin'ny antikristy sy ny mariky ny bibidia.***

***Tafiditra Ao am-piangonana ny devoly, Ka tarafina amin'ny fampianarana ny teolojian-devoly raha tokony ho ny teniko sy ny fombako Kristy tomponareo ny fiangonana amin'izao fotoana izao. Ny fiangonana toy izany dia havela.***

***Ireo izay miaina ny fiainany, Manao fitafiana tsy mendrika mampiraty ny tratrany sy mampiseho ny vatany iray manontolo, lamaodin'izao tontolo izao, mazava ho azy. Ireo kristiana manao amiko andriamaniny hoe: "Tompo ô! Efa nomeko anao ny foko ary heveriko fa efa ampy izany, ka avelao aho hikarakara ny vatako rehetra aty ivelany ka hitafy araka izay tiako".Aoka ho fantatry ny rehetra fa izay tia sy mifaly amin'izao tontolo izao dia hijanona eo amin'izao tontolo izao.Angaha tsy fantatrareo fa Andriamanitra saro-piaro aho, saro-piaro amin'izay mikasika anareo rehetra kanefa dia ampirefesinareo amin'izao tontolo izao?Tsy hekeko mihitsy izany.***

***Ao koa ireo kristiana mihevitra ahy ho toy ny kilalao ka manao anakampo hoe: "Andriamanitra tsy dia bado loatra ka tsy hahatsapa fa taonjato faha-21 izao ka toy izany no fomba fiainana". Tsy ratsy noho ny amin'izao fotoana izao akory ny tamin'ny andron'I Noa. Na tamin'ny safo-drano aza mbola tsy ratsy noho ny amin'izao. Mibebaha ianareo raha tsy izany dia tsy hanana fialan-tsiny.Tsy ho entiko miaraka amiko velively ireo izay milalao na mividy na mivarotra kilalao mandritry ny andro masina fivavahana, asabotsy na alahady. Na andro inona na andro inona nofidian'ireo mpitarika anareo ho andro fiderana dia tsy maintsy atokana ho ahy irery izany, izaho no Tomponareo. Io andro io dia tsy maintsy hamasinina ho ahy irery.***

***Tsy manaja ahy, tompony sy andriamaniny ny olona. Milaza amin'ireo mpanompoko izy ireo ka manao hoe: "Tsy ao ambanin'ny lalàna intsony isika izao fa eo ambanin'ny fahasoavana". Fa ianareo ve tsy afaka hanaja sy hanome voninahitra ahy tomponareo mihitsy e! Angaha ny***

***fahasoavana midika ho tsy fanajana ny Tomponareo. Vitanareo hatramin'ny manohitra ahy ao anaty vavaka, toy izay hataonareo raha mamaky ity hafatra ity ianareo.***

***Tsy hoentiko miaraka amiko ireo mpandainga, mpiavonavona, mpanompo tsy mahasoa mandray ho tena namana ny olon'izao tontolo izao ka miara-mihosona aminy.***

***Izaho Tompo sy Andriamanitrareo no efa nandidy anareo tamin'ny teniko hanalavitra azy ireo ka tsy hifanerasera aminy. Vakio ny II kor 6:14-17.***

***Tsy hoentiko koa ireo olona mampiditra ny teniny ao anatin'ny fahamarinana sy ny zava-misy marina, ny mpanenjika ireo mpanompoko sy ireo mpitondra fivavahana izay tena manompo ahy ka mitory ny teniko. Fa loza ho an'izay manampy na manala ny faminaniana ao amin'ny teniko.***

***Izay no hevitro na ekenareo na tsia, hoy ny Tompo.***

***Izaho Yeshuah Messiah, Tompo sy Andriamanittra tokana.***

***Miomana ianareo,miomana, ho avy tsy ho ela aho.***

Mpandika teny : Hery Rasolofoarinivo

Fifandraisana : hery.steve@gmail.com